


**VIDÉO : CLIQUEZ ICI**

Il y a le livre autobiographique « *Par amour de la patrie* » d'Andry Rajoelina dans lequel il a écrit tout un chapitre dédié à son épouse, Mialy, intitulé :
« *L'amour de ma vie* »
. Il est aussi écrit quelque part, je ne sais plus où :
« *derrière chaque grand homme il y a une*
[grande]

*femme*
» (
*« Behind every great man is a great woman »*
). Dans le cadre de son soutien à son mari, son intervention, le 1er novembre 2018 au CCI Ivato pourrait s'intituler en français :
*« Par amour pour mon mari »*
.

Amis lecteurs francophones (et même autres phones comme anglophones, lusophones, hispanophones, sinophones…) si vous aimez réellement Madagascar, faites-vous donc traduire la transcription du texte ci-après que vous pourrez entendre dans la vidéo ci-dessus. ***Misaotra indrindra tompoko !***
Personnellement, j'affirme que
la vertu est la parure de la femme
(
Ny hatsaram-panahy no ravaky ny
vehivavy
). Andao ary hamaky lahateny :




*« Miarahaba anareo am-pitiavana ny tenako ary miarahaba ny vahoaka malagasy iray manontolo. Misaotra antsika tsirairay avy namaly ny fanasana.*

*Mamelà ahy hifampizara aminareo ny fihetsem-poko tamin'ny fotoana nozaran'ny vadiko tamiko, nozarany taminay akohonany ny fikasany hirotsaka ho fidiana ho filoham-pirenena. Notsoriko taminy ny tato am-poko ary nametraka fanontaniana taminy aho :*

*Fa maninona ianao no hiverina indray ao anatin'io tontolo io ?*

*Fa maninona ianao no hirotsaka eo amin'io sehatra feno fankahalana io ?*




*Misy ny hanakiana anao ; misy ny haneso anao ; misy ny hanatsatso anao ; misy ny hanambany anao ; misy ny hanaraby anao. Ary, indrindra indrindra, tsy hisy intsony ny fiainam-pianakavian-tsika.*

*Nampahatsiahivin'i Andry tamiko nefa fa fony mbola kely izy dia efa nifanerasera tamina sokajin'olona samy hafa ; fony mbola kely izy dia efa nahatsapa ny fasahiranana sy ny fahasarotana natrehin'ny mpiara-belona aminy.*

*Mbola tanora izy dia efa niditra teo amin'ny sehatry ny asa ary io tontolo arak'asa io no nahatsapany ny fahasarotana lalovana eo amin'ny fiainana i Andry dia tia miasa. Rehefa miasa izy dia miasa amin'ny fony manontolo, tia mijery hatramin'ireny pitsipitsony ireny. Ohatra iray no ho zaraiko aminareo androany. Tsaroako fa tamin'ny fotoana notantananay ny Groupe Injet, dia matetika tara be vao mirava izahay, miasa alina mihitsy aza. Satria tsy miala eo raha tsy lavorary ny komandy rehetra. Niasa tamin'ny fonay manontolo izahay mivady ka nivaly izany ezaka nataonay izany.*


www.madagate.org

[illegible]


www.madagate.org

[illegible]


www.madagate.org

[illegible]


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org

**[illegible]**